



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA  
Fitaviana - Tanindrazana - Fandrosoana



REPOBLIKA FAHAEFATRA  
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA

FOTOAM-PIVORIANA MANOKANA  
TAONA 2019

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

**FITANANA AN-TSORATRA NY FIVORIAMBE**

LAHARANA FAHA-5

**FANEMORANA NY FIFIDIANANA IREO FILOHAN'NY VAOMIERA  
MAHARITRA ETO AMIN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA**

Fivoriana faha-5  
Natao ny  
Talata 23 Jolay 2019  
- Atoandro -

**FIVORIAMBE**

**FILOHA:** Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

**MPITANTSORATRA:** Ramatoa isany: - MICHELLE Bavy Angelica  
- RAHANTANIRINA Lalao

**FOTOANA:** Talata 23 Jolay 2019, tamin'ny 1 ora, atoandro.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Fanemorana ny fifidianana ireo Filohan'ny Vaomiera Maharitra eto amin'ny Antenimierampirenena

- Lakolosy -

**Ramatoa FILOHA**

Mitohy ny fivoriantika androany araka ny nifanarahana tamin'ny herinandro lasa teo.

Hafatra no ampitaina amintsika amin'izao tapak'andro voalohany izao: iarahana mahafantatra, fa faran'izay sarotra; tsy mora ny raharaha momba ny fandaminana amin'ny fifanatonana amintsika samy Solombavambahoaka rehetra mikasika ny fametrahana'ireo Vaomiera miisa 31 ireo.

Mbola mitohy hatramin'izao izany fandaminana izany. Koa izay no ambara amintsika eto hoe: handeha hamonjy sakafo aloha isika izao. Rehefa avy misakafo isika, mbola manohy izay fandaminana farany izay izahay ato amin'ny Birao Maharitra na "ultime" fandaminana; na manao ahoana na manao ahoana izay fandaminana farany eo dia miroso isika ary miditra isika amin'ny 2 ora sy sasany, tolak'andro. Mbola manao ny fikarakarana ara-materialy ihany koa ny Sekretera Jeneraly ary heverina fa ho vita izany fikarakarana ara-materialy izany mandrapahatonga izay ora izay.

Isika Solombavambahoaka dia tsara raha mizatra fa "négociation politique" no iainantsika ato. Politika no iainana ato ary ato no tena lapan'ny politika, ato no tena lapan'ny demokrasia repoblikana. Noho izany, mila mizatra amin'izany isika. Koa raha mbola misy fotoana lavalava, raha misy "attente" lavalava dia efa mahalala isika rehetra hoe "négociation politique" izay. Indraindray aza, tsy ny Birao Maharitra irery no mandray an'izay fanapahan-kevitra izay, fa mety hamory namana ihany koa satria tsy maintsy miantso Solombavambahoaka amin'izay raharaha tiana ho fantatra.

Izay no arosoko aminareo eto ary ambarako aminareo Solombavambahoaka ny fametrahako ny fialan-tsiny amin'ny anaranay Birao Maharitra amin'ny fiandrasana tamin'ity ora nanombohantsika ny fivoriambe ity.

Izay no iakarantsika amin'ity renivohitra ity sy anatonantsika ity Lapam-panjakana ity, ny hanaovantsika an'izay asa izay sy ny "négociation politique" ary ny fotoanantsika dia ato amin'ity Lapa ity isan'andro isan'andro.

Mirary antsika rehetra indray hazoto homana.

Miato aloha isika izao mandeha misakafo, ka amin'ny 2 ora sy sasany, tolak'andro, indray efa samy amin'ny toerany avy hiatrika ny asa manaraka dia ny fifidianana izany.

Misy manao satroka.

Omena fitenenana, ianao Andriamatoa Solombavambahoaka.

**Andriamatoa RAZARA Pierre Ravolaza Fidèle**

Misaotra, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Amin'ny 1 ora, anie izao Ramatoa Filoha; koa raha ohatra amin'ny 2 ora sy sasany izany isika no hiverina eto, adiny iray sy sasany izany kanefa misy lavidavitra ny namana sasany. Sao tokony hatao amin'ny 3 ora, amin'izay mba mety tsara. Fangatahana ihany ny ahy, Tompoko.

**Ramatoa FILOHA**

Misaotra Tompoko.

Mety tsara izay. Ataoko hoe amin'ny 2 ora sy sasany amin'izay afaka manomboka amin'ny 3 ora isika. Ataontsika amin'ny 3 ora, raha ohatra mety amintsika.

Mety amintsika ve raha amin'ny 3 ora?

**Andriamatoa RAZARA Pierre Ravolaza Fidèle**

Ny fotoana isakafoanana fotsiny anie no mahatonga ahy miteny an'izay mba tsy hitoroto amin'ny "embouteillage" isika. Iarahantsika mahalala ny "embouteillage" eto Antananarivo.

**Ramatoa FILOHA**

Miombon-kevitra ve isika fa hatao amin'ny 3 ora, ny fanombohana ny fivoriana.

Mety amintsika;

Atomboka amin'ny 3 ora, izany ny fivoriana.

Andao àry, manao mandrapahaona.

- Lakolosy -

Niato tamin'ny 1 ora sy 5 minitra, atoandro, ny fivoriana.



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona